



05-05-22
see PV
✓
56



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-189

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2022**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 3 Mey 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RABENIRINA Jean Jacques
- RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Talata 3 Mey 2022, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2022.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena nataon'ny Antoko Mpihira eto amin'ny Antenimierampirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany, taona 2022. Rehefa izany, niredona ny Hira Fanevany izy ireo. Taorian'izay vao niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2022 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ianao, Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
 Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona, misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
 Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara namana, hajaina;
 Andriamatoa sy Ramatoa Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta;
 Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
 Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
 Andriamatoa Filohan'ny Filankevitry Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
 Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'olombelona;
 Ianareo mpandraharaha namana, mpiara-miombon'antoka mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;
 Ramatoa sy Andriamatoa Talen'ny Kabinetra isany;
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;
 Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;
 Ianareo Raimandreny ara-pihaviana sy ara-pinoana ihany koa.
 Tompokolahy sy Tompokovavy,

Andriamanitra, hono, no mialoha volana, ka tsy azo atao afaram-panonona Izy ary Izy no nanao ny aina ho aina, ny tany ho tany, ny andro ho andro; ka andrandraina Izy tsy mahafolaka hatoka; iondrehana Izy tsy mahavizaka. Koa isaorana Azy ny nanomezany ny andro androany hanokafana amin'ny fomba ofisialy izao fotoam-pivoriana izao.

Amin-kafaliana hatrany no iarahabana antsika rehetra tafahaona soa aman-tsara eto indray. Miarahaba ny vahoaka Malagasy nieren-doza tsy maty fo aman'aina taorian'ireny rivodoza nifanesy nandalo teto amintsika ireny. Eto aza dia mbola mitondra ny teny fankaherezana ho an'ireo fianakaviana niharam-boina sy namoy havana aman-karena noho ny rivodoza "Jasmine" izay vao nandalo tamin'ny herinandro teo tany amin'ny Faritra Atsimo.

Etsy ankilan'izay, miarahaba anareo vahiny nasaina manome voninahitra izao fotoana izao. Eo indrindra koa ianareo Solombavambahoaka izay niainga avy tany amin'ny toerana nihavianareo tsirairay avy. Koa tonga soa aby tsa totoi-bato hita na latsaka ankady hita andro. Manolotra ny mbola tsara matevina ho antsika jiaby. Akory aby nareo longo.

- Tehaka -

Miarahaba manokana ny mpino Silamo nahatontosa soa aman-tsara ny "Ramadan" sy nahavita ny fety "aïd el-fitr".

Miarahaba anareo Solombavambahoaka izay nahatratra ny tsingerin-taona nahaterahany androany faha-3 Mey fisokafan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena ihany koa.

Raha misy dia mangataka azy mba hitsangana. Fantatro fa ny Solombavambahoakan'i Fenoarivo Atsinanana dia androany no tsingerin-taona nahaterahany. Miangavy anao mba hitsangana, Andriamatoa Solombavambahoaka, hajaina.

Raha mbola misy hafa, iangaviana koa hitsangana mba horaisina amin'ny tehaka mirefodrefotra.

- Tehaka -

Misaotra Tompoko.

Ity no fotoam-pivoriana voalohany taorian'ny fiovan'ny mpikambana sasantsasany teo anivon'ny Governemanta sy nanendrena tomponandraikitra ambony teny amin'ny Fiadidiana ny Repoblika, koa rariny sy hitsiny raha tolora fiarahabana sy firarian-tsoa izy ireo.

Mitsodrano anareo hahaleo hahalasa amin'ny adidy lehibe iantsorohanareo tsirairay avy izahay. Tsa mba hindran-defogna agnareo no hitoraka; tsa hosoran-tantely agnareo vao ho mamy; tsa hasian-tsira agnareo vao ho masina. Koa mahavità be mba haharaka ny hafainganam-pandehan'Andriamatoa Filoha Andry RAJOELINA.

Mamelà ahy ianareo raha hitodika manokana amin'Andriamatoa Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny "Général de Corps d'Armée" SERGE GELLE; angamba manatrika eto izy.

Mitodika aminao izahay; miarahaba anao noho ny tanjaky ny vatanao, ny tanjaky ny sainao ary ny fitahian'Andriamanitra anao ka velon'aina soa aman-tsara tamin'ny loza nihatra tamin'ny angidimby an'ny fanjakana nitondra anareo. Miarahaba, Tompoko, velon'aina soa aman-tsara ry lehilahy mahery.

Niaritra 12 ora tany an-dranomasina ianao. Sahalan'ny manonofy izahay mahita anao mijoro eto anatrehanay amin'izao fotoana izao. Arahaba Tompoko.

- Tehaka -

Mitodika ihany koa amin'ny mpanjono, Andriamatoa ZAMBIE, izay nataon'Andriamanitra fitaovana hamonjy ny ain'Andriamatoa SEG.

- Tehaka -

Ny Antenimierampirenena koa dia tsy mitsahatra ny mamoka olona ato aminy hisahana andraikitra maro samihafa; tsy eto amin'ny firenena ihany, fa hatrany amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'i Farafangana, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse no lany hitarika ny delegasiona Malagasy eo amin'ny taranja "hand ball".

Miarahaba anao, Ramatoa Solombavambahoaka, hajaina.

Eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena ihany; miarahaba manokana koa ny ekipa vehivavy eo amin'ny taranja baolina lavalava na "rugby" lalaovin'olona fito satria tafakatra amin'ny dingana famaranana iatrehana ny fiadiana ny tompon-daka eran-tany izy ireo. Mirary fahombiazana ho azy ireo sahady isika mba hibata ny amboara eran-tany.

Ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Amparafaravola, Ramatoa RAMAROSOA Emeline Rakotobe, kosa no voafidy ho Filoha Lefitry ny "Focus Régional" eo anivon'ny "Forum Parlementaire de la SADC". Mangataka azy hitsangana raha ao izy sa mbola tsy tonga.

- Tehaka -

Ao koa Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, izay voatendry ho mpikambana ao amin'ny "Comité de Pilotage du Projet Paix, Stabilité et Gouvernance" eo anivon'ny «Commission de l'Océan Indien». Mangataka anao mba hitsangana, Andriamatoa Sekretera Jeneraly.

- Tehaka -

Tolorana ny arahaba koa ianao.

Io "Comité" io dia mikasika ny "Intégration Régionale", ka amin'ny anaran'ny Parlemanta Malagasy no isahanany izany andraikitra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy; na tsy tao anaty ny fotoam-pivoriana aza, nanao ny asany hatrany ny Antenimierampirenena. Mitohy izany ny asa natao tamin'ny "intersession" araka ny filazana azy, ka tsy nanatavy tena toy ny sora milevina izahay. Koa indro taterina amintsika eto ny santionan'ny asa nisongadina vita tamin'izany satria maro tsitoko tsiforohana izy ireo:

- Nandritra ny fandalovan'ny rivodoza nifanesy teto Madagasikara nanomboka tamin'ny fiandohan'ity taona ity ka hatramin'ny rivodoza "Jasmine" teo, nandray anjara hatrany ny Antenimierampirenena tamin'ny voin-kava-mahatratra. Anisan'izany ny fanolorana vary milanja 2 taonina teny amin'ny BNGRC, ny faha-21 Janoary 2022 lasa teo, ho fanampiana ireo niharam-boina. Teo koa ny hetsika manerana ny Boriborintany izay notarihan'ny vehivavy Solombavambahoaka. Tsy voatanisa ihany koa ny nataon'ny Solombavambahoaka tsirairay tany amin'ny Distrika nisy azy avy nandritra ny fidinana ifotony.

Maromaro ny fandraisana anjara nataon'ny Antenimierampirenena Malagasy tamin'ireo fihaonana sy fivoriana iraisam-pirenena, toy ny:

- "Assemblée de l'Union Interparlementaire", andiany faha-144 tany «BALI-Indonesie»;
- Ny "Formation en Observation Electorale à Long Terme" na ny OELT, tany «Botswana»;
- Ny «Réunion Intersessionnelle des Organes des Assemblées Parlementaires de la Francophonie», tany TAHITI;
- Ny fanatrehana ny «Session du Forum Parlementaire de la SADC», andiany faha-51, tany «Johannesbourg». Angamba mbola any ny Parlemantera amin'izao fotoana izao.
- Ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera Maharitra momba ny Fanombanana ny Politikampanjakana, izay tarihan'ny Solombavambahoaka hajaina, JOHASY Raharisoa Eléonore dia eo

amperin'asa tanteraka ary hohitantsika sy hohenointsika tsy ho ela ny tatitra sy ny fampiharan'izy ireo ny asany eto anivon'ny Antenimierampirenena sy ny Governemanta.

- Tontolon'ny famatsiana boky: ny fianakavian'ltompokolahy NJARA Ernest, Profesora Mpitsara sy Mpanoratra ary Mpampianatra tao amin'ny Anjery manontolo Fianarantsoa dia nanolotra ny asa soratra vokatry ny fikarohana nataony ho an'ny Antenimierampirenena, tamin'ny faha-2 Febroary 2022 teo. Izany boky izany dia mitondra ny lohateny hoe: «La Problematique de l'Avortement à Madagascar». Anisan'ny antontan-kevitra hoentina miasa eto izany amin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna saropady izay mbola any amin'ny Governemanta amin'izao fotoana izao, ka anaovany ny fanamarihany.

- Momba ny fanolorana boky ihany: ny Ambasadaoro Sinoa, Ramatoa «XIAOMEI Guo» dia nanolotra boky mikasika ny “République Populaire de Chine” momba ny fifandraisany amin'ny firenena Afrikana, ny fisehon'ny demokrasia any an-toerana sy zavatra maro samihafa no ambaran'izany boky izany. Tamin'ny faha-16 Martsa 2022 lasa teo no nanolorana izany teto amin'ny Antenimierampirenena.

- Tamin'ny faha-21 Aprily 2022 lasa teo koa, ny Parlemanta Sinoa no nanolotra boky miisa 650, mitondra ny lohateny hoe: “La Gouvernance Chinoise”. Boky nosoratan'ny Filoha Sinoa, Andriamatoa “Xi Jinping” izay tafiditra amin'ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Parlemanta roa tonta.

- Mifandraikitra amin'izany ihany, nisy ny seminera nampitain-davitra nokarakarain'ny “Assemblée Nationale de la République Populaire de Chine” izay nandraisan'ny firenena Afrikana miteny Frantsay anjara, tamin'ny faha-26 sy faha-27 Aprily 2022 lasa teo. Solombavambahoaka miisa 5 no nandray anjara tamin'izany. Ny lohahevitra nodinihana dia ny Fampiharana ny Demokrasia amin'ny Andrimpanjakana Mpanao Lalàna.

- Nandray anjara tamin'ny dinidinika sy seminera isan-karazany hatrany ny Antenimierampirenena, toy ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny ankizin'ny lalàna, natao ny faha-12 Aprily 2022 teny amin'ny “Motel-Anosy”, izay nokarakarain'ny PFSCE na ny “Plate Forme de la Société Civile pour l'Enfance”.

- Teo ihany koa ny “Forum des Métiers 2022”, nokarakarain'ny «Institut d'Etudes Politiques» na ny IEP tamin'ny Alakamisy faha-7 Martsa 2022 lasa teo.

- Taorian'ireo atrikasa maro nanomanana ny Fanombanana ny Politikam-panjakana dia notanterahina teny amin'ny “Hôtel CARLTON” nandritry ny 2 andro ny fanomanana ny fanombanana ny politika mikasika ny fanadiovana (Politique et Strategie de l'Assainissement) nanomboka ny taona 2008 ka hatramin'ny taona 2015. Nandray anjara tamin'izany ny Antenimierampirenena tamin'ny alalan'ny Vaomiera misahana ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, tao koa ny “Cour des Comptes”, ny “Fonds pour la Consolidation de la Paix”, ny PNUD izay niarahana tamin'ireo tomponandrakitra tany amin'ny Minisitera isan-tsokajiny, ny Firaisamonim-pirenena ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra.

- Mitohy ny fiaraha-miasan'ny Antenimierampirenena sy ireo mpiara-miombon'antoka, ka anisan'ny asa iombonana amin'ny EISA amin'izao fotoana izao ny famolavolana tetikady entina manatsara ny serasera eto amin'ny Antenimierampirenena.

- Teny amin'ny Distrikan'Antananarivo Atsimondrano, Kaominina Alatsinainy Ambazaha, Fokontany Ivatobe no nanatanterahana ny fambolena-kazo nataon'ny Antenimierampirenena, tamin'ity taona 2022 ity, ny Zoma faha-4 Martsa teo no nanatontosana izany. Zanakazo miisa 4 000 no nambolena tamin'izany.

- Mitohy ny fanentanana amin'ny fiarovana amin'ny valan'aretina "Covid-19", ka tamin'ny Alarobia faha-9 Febroary 2022 dia nisy fanaovana vakisiny "Pfizer", "Astrazeneca" ary "Janssen" teto amin'ny Antenimierampirenena.

- Ny fanatevenana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa eto anivon'ny Antenimierampirenena dia tsy natao ambanin-javatra mihitsy; na ny atao hoe «renforcement des capacités» ary anisan'izany ny fampiofanana avy tamin'ny ENAM sy avy tamin'ny «Assemblée Parlementaire de la Francophonie» ary ny «Université Senghor» any "Alexandrie" ka nahazoana ny maripahaizana avy amin'ny ENAM tamin'ny faha-15 Martsa 2022 teo.

- Mbola betsaka ny fanatsarana tokony hoentina eo anivon'ny Vaomiera Maharitra raha tsy hilaza fotsiny ny tokony hanaovan'izy ireo tsirairay avy ny «plan de travail annuel» izay azo tovozina sy akana torolalana amin'ireny boky kely aparitaka any aminareo ireny dia ny «guide des commissions permanentes» izany.

- Anisan'izany koa ny fanavaozana ny fomba fiasan'ny Mpampakatenin'ny Vaomiera indrindra rehefa tonga ny fandinihana ny Volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolampanjakana.

Ao koa ny torolalana mikasika ny Vondrona Parlemantera sns...

- Tsy latsa-danja amin'izany rehetra izany, fa mifanampy tanteraka amin'ireo ny hevitra teknika avoakan'ny teknisiana amin'ny alalan'ny Gazety Bokin'ny Antenimierampirenena na ny Akon'ny Antenimierampirenena. Ohatra voalaza amin'izany Gazety Boky izany, ny tokony hizarana roa ny fihaonan'ny Solombavambahoaka amin'ny Governemanta, araka ny voalaza ao amin'ny Akon'ny Antenimierampirenena, pejy faha-24: «pour une réforme de la séance des questions au Gouvernement». Ny voalohany dia toy ny mahazatra efa fanaontsika ireny ihany: ny fitondrana ny hetahetam-bahoaka. Ny faharoa kosa, mba hifantoka manokana amin'ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny sy ny soa iombonan'ny firenena na ny «questions d'actualité et questions d'intérêt général» ny fihaonana.

Marihana etoana anefa, fa ireo ezaka ataon'ny Birao Maharitra momba ny fanavaozana sy ny fanatsarana ny fomba fiasa eto anivon'ny Antenimierampirenena ireo dia tsy ho tanteraka raha tsy misy fandraisana anjara mavitrika ataontsika Solombavambahoaka tsirairay avy.

- Ankoatran'izay, misy tetikasa lehibe nifanarahana sy vita sonia niaraka tamin'ny «Forum Parlementaire de la SADC» izay antsoina hoe SDSR (Santé et Droit Sexuel et Reproductif), tetikasa mikasika ny fahasalamana, ny zo ara-pananahana, ny fiterahana ary ny VIH-SIDA. Efa misy ny tomponandraikitra amin'io tetikasa io voatendrin'ny «Forum de la SADC» dia Ramatoa RAVELOSAONA Tsiorisaona Rovahanitra Ida. Izy no miasa amin'izany tetikasa izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Santonany fotsiny tamin'ny asa nataon'ny Antenimierampirenena nandritry ny elanelampotoana tsy nivorianana izay notanisaina teo izay. Tsy vita ireo raha tsy nefaina ary efa ireo raha tsy nalana rambo. Koa mankatelina anareo Solombavambahoaka sy ireo mpiasa mpandraharaha rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena nanatontosana izany.

Ka hoy aho hoe: hanao raha isika ato amin'ny Antenimierampirenena ity lehe vondraka, fa vao mahia aza dia mitsory menaka.

Ny asa mbola hatrehina mandritra ity fotoam-pivoriana ity kosa dia betsaka sy miavosa. Maromaro ireo tolo-dalàna izay nahemotsika ny fandinihana azy tamin'iny fotoam-pivoriana farany iny, ka hezahana hovitaina amin'ity fotoam-pivoriana ity izany.

Ao koa ny fandinihana ny Volavolan-dalàna fanitsiana ny Lalàna hifehezana ny Tetibolampanjakana, taona 2022 na ny "LFR pour l'année 2022", izany.

Ankoatran'izay, mandritry ny fotoam-pivoriana voalohany toy izao no hanombanantsika ny asa vitan'ny Governemanta tao anatin'ny herin-taona ary ho avy eto ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ireo mpikambana rehetra ao aminy hitondra ny tatitry ny asan'ny departemanta tsirairay avy iandraiketany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Raha ny lafiny raharaham-pirenena kosa indray, maromaro ihany no azo resahana.

Maro ireo olana goavana mianjady amin'ny firenena: olana voajanahary, olana ateraky ny «*crise économique mondiale*» ary mbola mitambesatra mandrak'ankehitriny ny voka-dratsin'izy ireo; ao ny "Covid-19", ny hain-tany, ny tondradrano noho ireo rivodoza mahery vaika nifanesy. Ady ireo na dia tsy nampipoa-basy aza; tolona ireo na dia tsy nifandraisana vozonakanjo aza. Ireny loza voajanahary ireny ve, tsy efa fiantsoana antsika hiray hina, hiray saina ho an'ny tombotsoan'ny firenena sy ny taranaka.

Manampy trotraka ihany koa ity adin'i "Russie" sy "Ukraine" ity; manao ny faraheriny ny fitondrana tarihan'ny Filohampirenena mitady vahaolana. Ohatra amin'izany, ny nandraisany fanapahan-kevitra hampiakatra ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny sehatra tsy miankina rehefa nifampidinika tamin'izy ireo. Isika mpanao politika sy ny vahoaka ary ireo antokon-draharaha samihafa koa dia mba tokony hiara-hisalahy handray ny andraikitra tandrify azy. Koa manao antso avo eto izahay: aoka io fisondrotan-karama io mba tsy hararaotina hampiakarana indray ny vidim-piainana.

Ho setrin'izany, ndao homen-danja hatrany ny fifampidiniana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny herivelona rehetra, ny fanjakana, ny sehatra tsy miankina, ny fiangonana, ny «*organisation des sociétés civiles*» sy ny hafa; ka hanao tery omby ririnina, hatao izay tsy hahafaty ny reniny hatao koa izay tsy hahabotry ny zanany.

Misaotra anao aho, Andriamatoa Filoha, nanao ho zava-dehibe izany fifampidiniana izany mialohan'ny nandraisana iny fanapahan-kevitra iny. Sahinay anefa ny milaza fa ny fifanakalozan-kevitra toy ireny, indrindra indrindra raha miaraka amin'ny mpitondra ny feon'ny vahoaka mba hahazoana antoka fa hirindra ny toe-draharaham-pirenena.

Ilaina ve ny mampahatsiahy fa anisan'ny mahamarin-toerana ny fitondrana na mampisy ny «*stabilité politique*» izay miankina amin'ny Solombavambahoaka maro an'isa ato amin'ny Antenimierampirenena izany. Miharihary toy ny tafika andrefan-tanàna izany ato amintsika ary tsy azo ihodivirana.

Ny zava-miabo kosa na eo aza izany olana rehetra izany dia tsy mitarain-tàna-miepaka ny fitondram-panjakana. Tsy mitsahatra ny asa eo ambany fitarihan'Andriamatoa Filoha ary vokatr'izany, mbola tsy nisy fitondram-panjakana nahazo famatsiam-bola goavana sy ngeza indray mipoka tahak'izao satria nahatratra "1 000 000 000 de Dollars" latsaka kely izany.

Ny ampahany betsaka amin'io vola io dia hiompana amin'ny fampandrosoana ny Faritra Atsimon'ny Nosy. Koa arahabaina ianareo Solombavambahoaka any Faritra Atsimon'ny Nosy sy ny vahoaka ao Anosy, Androy, Atsimo Andrefana amin'izany. Amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena no anaovanay ny mahavelo bevata an'Andriamatoa Filoha.

Milendalenda aloha izahay amin'ny Faritra hafa, tsy mba nahazo an'izany fotodrafitrasa ngezabe nomena anareo any Atsimo izany; kanefa mbola matoky ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filoha, milaza fa tsy misy Distrika hadino izany na iray aza. Koa miandry izahay, Andriamatoa Filoha; miandry ampitoniana sy miandry ampahendrena.

Eto dia horeshana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana izay efa nolaniana tamin'ny LFI farany teo. Koa manainga ny tomponandraikitra voakasika mba hanafaingana ny fombafomba ho fandraisana ny mpiasa na ny «procédure de recrutement» amin'izany. Manantena izahay ato amin'ny Antenimierampirenena fa hahazo ny anjara efa voafaritry ho anay ihany koa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ity misy tsetsatsetsa tsy aritra kely: betsaka ny asa mandeha, midika izany fa betsaka koa ireo orinasa na «Entreprises» manao ny asa.

Ireny fandalovan'ny rivodoza mahery vaika ireny dia nahafahana nandrefy ny orinasa manaraka ny fenitra sy ny orinasa nanao kitoatoa; ao ireo mbola mijoro tsara tsy mihontsona izay naorina, ao kosa ireo tsapa hoe zara fa vita, mikoro sahadry ny fotodrafitrasa.

Manana adidy hanatsara ny fomba fiasany ny orinasa ary manana adidy hanefa ny valinkasasarany nifanarahana kosa ny fanjakana.

Tonga atỳ aminay tokoa mantsy, mitaraina fa somary misy fahatarana ny fanefana ny volan'ny orinasa sasany. Koa ho an'izay hita fa nanao ny asany ara-dalàna dia tokony haloa ny volany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mbola ao anatin'ny raharaham-pirenena ihany; misy ireo fanehoan-kevitra etsy sy eroa izay mitady hanohintohina ny fahamarinan-toeran'ny fitondrana. Mila dinihana izany sao hitradoza ka hanampy trotraka ny ady efa atrehin'ny firenena. Aoka hiandry ampitoniana ny fifandimbiasan-toerana ara-pomba demokratika na ny «alternance démocratique» isika. Raha mbola vitan-jahatra ny miita, aza safaraina amin-tsambo ary raha mbola vitan-dinika ny fihavanana, aza hasarotina amin'ny ady.

Eto izahay dia misaotra an'Andriamatoa Filoha, tamin'ny antso avo amin'ny fitoniana izay nataony. Kintana telonohorefy mitarika ny mandiatelo izy, aleo mifanatonana hatrany aloha dia miresaka mialohan'ny handraisana fanapahan-kevitra. Heno tokoa mantsy fa hoe hiroso amin'izao, hiroso amin'izatsy isika amin'ity fotoam-pivoriana ity. Aleo fifanatonana, ny fifampiresahana izay efa nisy no mba hotohizan'ny Solombavambahoaka. Ny hafatra atsipy amintsika anie dia tsotra ihany: aoka hampiseho firaisankina sy firaisam-po hatrany. Eto aho dia hindrana ny hafatr'Andriamatoa Rabezandrina RAINAMDRIAMAMPANDRY tamin'ny fotoan'androny manao hoe: aza manao na inona na inona ianao raha tsy voahevitrao tsara ny hiafaran'ny ataonao. Ny fanapahan-kevitra horaisina eto, ho vita eo ve; fa jereo izay fiantraikany aoriana kely ao; kanefa mampahatsiahy mandrakariva, fa azo atao ny mifanitsy amin'ny tsy mety ataon'ny tomponandraikitra sasantsasany na eto amin'ny Antenimierampirenena izany na ao amin'ny Fahefana Mpanatanteraka. Koa izao; ny toko tapaka, vilany mitongilana, izay tsy mety arenina.

Ny Antenimierampirenena dia tranoben'ny demokrasia sy lapan'ny fifanakalozan-kevitra, aza misalasala mifampiresaka amin'izay tokony hifampiresahana na amin'ny mpiray donak'afo izany na amin'ny sampana hafa.

Ilaina ve ny mampahatsiahy fa avy amintsika Antenimierampirenena anie no manendry ny Governemanta izay hitarika, hitondra ny tany sy ny fanjakana dia ny Praiminisitra izany. Koa tsy tokony hadika vilana ny fifanatonana na ny fandikana vilana ny hoe «séparation des pouvoirs». Manoloana izany rehetra izany, aoka ny tombotsoa ambonin'ny firenena hatrany no hobanjinina sy hibaiko ny atao ho lohalaharana.

Mialohan'ny hamaranana, hasiana teny kely satria ny teny izay nambara teo dia trafon-kena ome-mahery, ambava homana am-po mieritra.

Asiana teny kely ho antsika ny tsy fandriampahalemana. Izany dia mikasika ny firongatry ny zava-mahadomelina ankehitriny izay mitarika asan-jiolahy feno habibiana sy tranga ahitana fanolanana saika isan'andro. Noho izany, miantso ny tomponandraikitra rehetra hitady vahaolana maharitra sy handray fepetra momba izany. Izahay Solombavambahoaka dia vonona handray ny andraikitra tandrify anay mikasika ny lalàna vaovao na fanavaozana momba ny resaka zava-mahadomelina mahery vaika isan-karazany izay tafiditra eto amin'ny firenentsika.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Raha eo amin'ny raharaha iraisam-pirenena kosa, iaraha-manana ny fiarahabana efa nataon'ny Filohampirenena izay niarahabany ny Filohampirenena Frantsay voafidy fanindroany indray. Ny faniriana dia ho manga ny lanitra eo amin'ny fifandraisan'ny firenena roa tonta amin'ny sehatra rehetra, indrindra amin'ny sehatra ara-diplomatika.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Somary lavalava angamba ny teny ka isaorana anareo naharitra nihaino.

Hisy ny fihaonana amin'ny Governemanta izay azontsika ampitaina any amin'Andriamatoa Praiminisitra momba ny hetahetantsika satria lapan'ny demokrasia ato; na mikabary eto aza aho, ianareo koa anie manana adidy afaka mikabary. Ho fanajana dia ny Filohan'ny Antenimierampirenena no miteny kanefa zo mitovy ny antsika rehetra.

Mankasitraka antsika rehetra naharitra nihaino ahy nandritra izay fotoana lavalava izay.

Tsy afaka ny hamarana anefa aho raha tsy manolotra fankasitrahana manokana ny mpiaramiasa rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny fanomanana fatratra izao fotoam-pivoriana izao.

Manentana antsika Solombavambahoaka mba hampiseho fahavitrihana mandrakariva hiatrika ny fotoam-pivoriana mandritry ny 60 andro. Manomboka izao izany dia ho tonga maro hatrany mandritry ny fandaharam-potoana rehetra isika. Hoy ny fitenenana: tsy ny manapo no atao hoe mahefa, fa ny manao no mahavita. Tsy misy avo tsy azo iakarana na ranobe tsy ho tafitaina na lohasaha tsy hovakiana, fa raha ny fanaovan-dalàna no resahana dia isika Solombavambahoaka no taninandro avy any andohavohitra. Mino sy matoky aho fa ny tsy fanatrehana ireny fivoriana atao ato ireny no mahatonga ny lonilony ary mahatonga ny tsimokevitra, koa aoka hariansika lavitra izany.

Misaotra Tompokolahy; mankasitraka Tompokovavy, naharitra nihaino hatramin'ny farany. Samia hotahian'Andriamanitra ary soava tsarà.

Koa ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2022 ity.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA


Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa ny Alarobia 4 Mey 2022, amin'ny 10 ora, maraina; hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra hatao ao amin'ny "Salle BP". Amin'ny 3 ora, tolah'andro, ny fivorian'ny Diniky ny Filoha na ny «Conférence des Présidents» hatao ao amin'ny "Salle BP" ihany. Ny Alakamisy 5 Mey 2022, amin'ny 10 ora, maraina; fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana hatao ato amin'ny "Salle des Séances".

Koa manentana antsika rehetra mba samy havitrika hanatrika ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantantsika.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona